

Piccole Suore Missionarie della Carità
(Don Orione)
Casa generale
Via Monte Acero, 5 – 00141 Roma
www.suoredonorione.org

Prot. MG 98/17



RY RAHAVAVY MALALA REHETRA!

Tonga amin'ny fotoanan'ny Karemy sahady isika ! Hoy ny Papa François ao amin'ny Hafatra nosoratany amin'ity taona ity hoe: «ny Karemy dia fanombohana vaovao, lâlana mitondra mankany amin'ny tanjona azo antoka, dia ny Pakan'ny Fitsanganan-ko velona, ny fandresen'i Kristy ny fahafatesana. Ary izao fotoana izao dia manasa antsika mandrakariva ho amin'ny fibebahana : ny kristianina dia voaantso hiverina amin'Andriamanitra 'amin'ny fo manontolo', mba tsy ho faly fotsiny amin'ny fiainana antonintoniny, fa hitombo eo amin'ny fisakaizana miaraka amin'ny Tompo. Jesoa no ilay namana mahatoky tsy mandao antsika na oviana na oviana, satria na dia manota aza isika, dia andrasany am-paharetana ny hiverenantsika Aminy indray, ary amin'izay fiandrasana izay no hanehoany ny sitra-pony hamela heloka»¹.

Manana heviny roa ho antsika ireo tenin'ny Papa ireo, dia isika PSMC izay eo anoloan'ny «fanombohana vaovao» hafa ihany koa, dia: **ny Chapitre général faha XII**, fa izany ihany koa dia zava-misy ho amin'ny «fibebahana» sy ny «fihavaozana» mba hioarana ireo fihetsika tsy dia tsara loatra, izay nety tafiditra teo amin'ny fiainantsika, ka hampitomboana ny fisakaizana amin'ny Tompo sy hanadiovana ny fahotantsika ary handraisana ny «sitra-pony hamela heloka».

Tsy misy hisalasalana fa ity karemy ity dia «fotoana» tena manokana, izay tian'ny Fitondran'Andriamanitra hanadiovana antsika, hanaovana antsika ho môdely sy hampidirana antsika ao amin'ny «fotoana vaovao», ao amin'ny «kairòs»ⁿny Chapitre général faha XII, izay hiainantsika PSMC rehetra.

Faniriako ny hanome anareo ho amin'ny fandinhana samirery sy miaraka, amin'izao fotoana izay hitondra antsika mankany amin'ny Paka izao, ny lohahevitra izay hanakatona ny zotra natolotro nandritra izay enintaona izay tamin'ny alalan'ireo Taratasy nalefako tamin'ny taona litorjika samy hafa.

Ataoko fa samy afaka nanaraka an'izay zotra izay ny rehetra, izay te hampahatonga nofo tao amintsika ny «fomba fiainana vaovao» natolotry ny Chapitre général faha XI, tamin'ny alalan'ny fandalinana ireo hevitra mafonja ao amin'ny fanomezam-pahasooavan'ny Fikambanantsika , dia: ny fanekena, ny fahantrana, ny fahadiovana, ny sens d'appartenance, ny toe-tsain'ny mpianakavy ... ary

¹Papa François, Hafatra ho an'ny Karemy 2017.

amin'izao, sady farany, dia ilay mahakasika ny fon'ny maha-izy antsika mihitsy, dia tsy inona fa: **ny fitiava-namana**.

Ho antsika ny fiainana ny fitiava-namana dia tsy hoe «*lohahevitra*» iray fanampiny ao amin'ny lisitry ny didy ao amin'ny Evanjely loatra; fa kosa miainkina amin'ny fahavelomana na fahafatesana. Isika dia «*iraky*» ny fitiavana, izay tsy iza fa Andriamanitra mihitsy. Voaantso hanjary «*fahatongavan'ny fitiavana ho nofo*» isika, eo amin'ny fifandraisiany mpirahavavy eo amintsika samy isika, amin'ny fifandraisana amin'ny hafa, amin'ny fifandraisana amin'ireo mahantra.

Ny «*fitiava-namana*» ho antsika dia «*fomba fiainana*» iray izay nanaovantsika «*Voady*», dia **ny Voady faha IV, ny Voadin'ny Fitiava-namana**.

NY «FITIAVA-NAMANA» DIA MANEHO NY MAHA-OLONA

Ny Karemy dia fotoana iray tena tsara handinihan-tena mikasika ny fitiava-namana, ny hatsaràn'ny fifandraisantsika tamin'olona, teo amintsika samy isika, tamin'ny hafa ary tamin'ireo mahantra !

Papa François, ao amin'ny Hafatra izay efa voalazako tery aloha, dia niteny amin'izao Karemy izao hoe : «*ny hafa dia fanomezana; ny fifandraisana marina amin'ny olona dia ao amin'ny fahaiza-mankasitraka ny maha-izy azy ...*», ilaina ny «*manokatra ny varavararany fontsika amin'ny hafa, satria ny olona tsirairay dia fanomezana, na ny eo akaikintsika, na ny mahantra tsy fantatsika*»; ao «*antin'ny fotoana tsara hanokafana ny varavarana amin'ny olona tsirairay mila fanampiana, isika izao, ary mamantatra ao aminy ny endrik'i Kristy. Ny tsirairay amintsika dia mihaona aminy eny amin'ny lâlana diavina eny. Ny aina mifanojo amintsika dia fanomezana ka mendrika fandraisana sy fanajàna ary fitiavana*»².

Nanaitra ahy avy hatrany ity fomba fitenin'ny Papa ity hoe: «*ny hafa dia fanomezana*»; noho izany, «*izaho koa dia fanomezana*». Misy ny fitiavana ary misy dikany izy io raha misy ny «*hafa*» hotiavina, araka izanydia nomen'Andriamanitra ny hafa isika, ahafahana mampiasa ilay fitiavana izay nataony ao am-pontsika ao. Ka raha «*fanomezana ny hafa*» dia natolotra ahy mba hanomezana endrika ilay fitiavana sy ilay fitiava-namana amin'ny alalan'ny fandraisana, ny fifampiresahana, ny fanompoana, ny firaisan-kina, ny fanajàna ... ka ahoana no disoiko ny fiainana ny fiainam-panokanan-tena amin'ny fitiava-namana izay manilika ny hafa ? Ahoana no tsy raharahiako ny fisian'ny rahavavy, ny anadahy, ny mahantra, ny marary ... manomboka amin'ireo olona «*ato*» an-tranoko?

Fanomezana isika ato amin'ny Ankohonam-piaianana, ny iray ho an'ny hafa ary ny hafa an'ny iray. Fanomezana ho an'ny hafa isika ary ny hafa ho antsika, amin'ny toerana niantsoana antsika hiainana ny fiantsoan'Andriamanitra antsika. Fahotana manohitra ny «*fitiava-namana*» ny fitsipahana ny hafa, izany hoe manohitra an'Andriamanitra izay ao amin'ilay olona, satria Andriamanitra mihitsy no lasa fanomezana ao amin'ny olona tsirairay mifanena amintsika.

Aoka isika tsy hamita-tena amin'ny fiainam-panahy tsy tonga nofo, amin'ny fiainam-panahy miseho amin'ny endrika fanajàna fotsiny, fanasàna ati-doha sy ny fomban'ny farisianina fotsiny, lavitry ny fampahatongavana ny fiainantsika ho tena «*olona*»!

Ny tena fiainam-panahy dia fitiava-namana, ary ny fitiava-namana marina fanomezana hasina ny maha-olona, araka izay hita ao amin'i Kristy.

²Ibidem.

Amin'izao fotoana izao, ny lohahevitra mikasika ny «*fanimbàna ny maha-olona*» ao amin'ny Fiainan-drelijozy dia iray amin'ireo lohahevitra tena dinihina amin'ireny fivorinan'ny Lehibem-pikambanana sy mpampiofana avy amin'ny Fikambanana samy hafa ireny. Ka manontany tena aho hoe: dia tsy menatra amin'izany ve isika e? Ahoana no hahafahantsika milaza fa tonga olombelona Andriamanitra, ao amin'ny olona tsirairay Izy, fanomezan'Andriamanitra ho ahy ny hafa, raha avy eo dia tsy ampifanarahantsika amin'ny maha-olona ilay «*fomba fiainana*»?

Misy angamba eo am-pamakiana an'ity mety hilaza hoe: «*aza manitatra!*» Fa manontany tena aho hoe: «*manitatra*» ve aho ?

Amin'ireto andro ireto ny litorjia dia manolotra antsika, amin'ny alalan'ny vakiteny sasantsasany ao amin'ny bokin'i Jenezy mikasika ny fahariana, ohatra mazava amin'izay vokatra mahatsiravin'ny «*fahasimbàn'ny maha-olona* » vokatry ny fahotana ao amintsika izay: ny tantaran'i Kaina sy Abela. Hitako ny toritenin'ny Papa François tamin'ny Lamesa andavanandro nataony tao amin'ny Chapelle Mb Marta. Andalana vitsivitsy ihany no atolotro anareo eto mba hanampy amin'ny fandinihana: «*Ny an'i Kaina sy Abela dia tantaram-pirahalahiana mbola tokony hitombo, tsara, saingy niafara tamin'ny fahapotehana. Ny tantara dia efa henontsika, fa atomboko amin'ny fialonana kely ... Tian'i Kaina kokoa ny fironana manosika azy, tiany ny nampahamasaka tao anatiny izany fihetsem-po izany, nohalehibiaziny, navelany hitombo. Io fahotana izay hataony avy eoio, dia nitakoko tao ambadiky ny fihetsem-po, ary nitombo. Dia toy izany koa ny fitombon'ny fankahalana eo amintsika samy isika: manomboka amin'ny zavatra madinika, ny fialonana, ny fitsiriritana dia avy eo mitombo io, fa isika kosa tsy mahita ny fiainana afa-tsy ilay tendroney kely iny, amin'izay fotoana izay ny sombim-boazaka ho antsika dia lasa vatan-kazo: fa ilay vatan-kazo anefa isika no manana azy, dia ao ilay zavatra. Avy eo ny fiainantsika dia mihodinkodina amin'ny, iny no manimba ny fatorana maha-mpirahavavy/mpianadahy, mamotika ny maha-mpirahavavy. Rehefa eo ambanin'io fironana manosika mampikainkona io isika, dia lasa mavo ny toe-panahy ao amin'ny fontsika ao, hoatran'ny ranon'afero, toy ny olona tsy misy rà, fa manana ranon'afero ihany, dia izay. Ka rehefa tonga amin'izany, dia tsy misy afatsy ilay olona no ambara, ilay nanao zavatra ratsy. Mihodinkodina amin'izay foana isika, enjehin'izany, dia mitombo ny fankahalana ary dia miafara amin'ny zavatra ratsy foana. Miafara amin'ny fiatahako amin'ny rahavaviko; tsy rahavaviko ity; ity dia fahavaloko noho izany dia tokony hosimbaina, horoahina handeha any! Ary dia toy izany mihitsy ny fanimbàna ny olona, toy izany ny fankahalana manimba ny fianakaviana, ny vahoaka, ny zavatra rehetra. Dia mikiky ny aty, enjehin'izany foana. Dia izany no nanjo an'i Kaina, ka nanariany ny rahalahiny tamin'ny farany. Tsy misy rahavavy na anadahy fa izaho irery; tsy misy firahalahiana fa izaho irery!»*

Fa tonga mihitsy i Jesoa mba «*hahatonga antsika ho tena olombelona*» tamin'ny fahatongavany ho nofo, nijaliany sy nitsanganany ho velona, hanampy antsika ho tena «*olona*» marina sy «*vehivavy*» maka tahaka an'Andriamanitra Fitiavana. Amin'ny tontolo toy izao misy antsika izao, dia ny fijoroana ho vavolombelon'ny «*fitiava-namana mamestraka ny olona amin'ny maha-olona azy*» irery ihany no hisy dikany sy ho faminaniana, lâlana tokana hanorenana fiarahamonina vaovao miorina amin'ny fitiavana.

Hanontany tena isika tsirairay ary avy eo hifampizarantsika amin'ny Ankohonana:

- Amin'ny fomba ahoana «*ny hafa*» ato amin'ny Ankohonam-piainana no «*fanomezana*» ho ahy sy ho an'ny hafa? Ahoana no fahatsapantsika «*ny hafa*» ho toy ny «*rahavavy*»?

- Amin'ny fomba ahoana «*aho*» no «*fanomezana*» ho an'ny hafa? Endriky ny «*tsy fanajàna ny maha-olona*» manao ahoana no mbola hitako ato amiko, eo amin'ireo fihetsem-poko, eo amin'ireo fitondran-tenako manoloana ny hafa?
- Amin'izao fotoanan'ny Karemy izao, eo am-pijerena ny «*fitiava-namana manaja ny maha-olona*» niainan'i Jesoa, dia ahoana no tokony hanadiovana ny fifandraisana maha-mpirahavavy antsika amin'ireo sombiny faran'izay madinika amin'ny «*tsy fanajàna ny maha-olona*»?

NY “FITIAVA-NAMANA” DIA MIKARAKARA NY HAFA

Ny “Fitava-namana” dia mizàka ny hafa satria ny Fitava-namana dia fiombonanana: satria Andriamanitra dia fiombonana!

Ankafiziko hatrany ilay tenin'i Joany Paoly faha II mnaoa hoe: “Ny Aimpanahin’ny fiombonanana dia midika voalohany indrindra fijerin’ny fo mankany amin’ny misterin’ny Trinite Masina izay ao amintsika, sy manazava ary mandeha manatona ny endriky ny rahalahy izay eo akaikintsika. Ny Aimpanahin’ny fiombonana dia midika ihany koa fa fahaizana mahaino ny rahalahy ao amin’ny finoana noho ny maha Vatana iray antsika, noho izany, tahaka ny olona mihintsy “izay tena ahy”, mba ahafahana mifampizara aminy ny hafaliana sy ny fijaliana, mba ahafahana manakatra ny faniriany sy mikarakara azy amin’izay rehetra ilainy, mba hanome azy ny tena finamàna lalina indrindra”¹³.

Ho antsika, PSMC, ity hoe “Fitava-namana mitsabo”, ity dia iainantsika amin’ny Voady. Izany no tena Fitava-namana izay manetsika ilay hafanam-po Apôstolikan'i Don orione mba handeha “hatrany amin’ny fara vazan-tany”, izay tsy misy fetrany, tsy misy fiatoana, tsy misy fitsitsiana aina, na fotoana, na fahasalamàna...

Ny Fitavana marina tokoa dia mikendry hatrany ny hitsabo ny aina, indrindra indrindra ireo tena malemy sy iangaran’ny vintana, ary tena adidin’ny vehivavy mihintsy ny mitsabo ny aina, mahaino ny rahalahy, ny rahavavy “tahaka ny olona izay tena ahy”, izany hoe, tahaka ny iray amintsika, tsy hoe olona tsy fantatra tsy akory na koa olona vahiny...

Tena andraikitry ny vehivavy ny mamelona misimisy kokoa ilay «fijery ny fo» izay mahatonga antsika “hijery” bebe kokoa sy “hihaino” misimisy kokoa izay rehetra tsy hita maso, sy izay rehetra tsy voateny ety ivelany. Ny Fitava-namana dia mikarakara ny aina izay an’ny hafa mim-panetren-tena, amim-pahavononana, tsy amim-mpimenomenomana, tsy misy kajikajy, tsy amim-panambaniana ny hafa, tsy amin-kanavakahana na fahalainana, satria ny fitiaavana dia lehibe indrindra.

Tsy azoko mihintsy ny ataon’ny ankohonana sasany izay ahitana tsy firaharahàna ny hafa, ahitàna fahalainana, fahasiahana, fitavan-tena, fihatsarambelatsihy, fifetsena amin’ny fitiava-namana izay ampiasàna “metatra”, izay tsy mahita afa-tsy ny eo amin’ny fôtrany ihany ary tsy mieritreritra mihintsy ny mba hatona ny hafa, ny eo akaiky...; mbola misy koa ireo olona izay miaina amin’ny fo kely dia kely, tsy mihevitra afa-tsy izay hohaniny, ny fanafodiny, izay rehetra ilainy...

Tsy azoko antsaina mihintsy ireo ankohonana izay manana rahavavy mitoetra eny amin’ny “sisin-dalana”, na “tsy manana anrana”, na irery ao anatin’ny

¹³ GP II, Nuovo Millenio Ineunte, N° 43, 6 Gennaio 2001.

mangidy...; ilay tantara mahatsiravina nitranga teo amin'i Kaina sy i Abela, izay matetika dia tena iainatsika koa eo amin'ny tantarantsika. Te hamerina indray aho ny toritenin'ny Papa François: “eny fa na dia ao amin’ny fianan’ny samy pretra aza, ao anatin’ny fivondronan’ny eveka, misy fiasarahana dia eo indrindra izany no manomboka! Angamba mety hoe: satria an’ity nomena an’izao seza izao, ny ahy kosa izany ahoana? Ary nahoana itsy? nahoana iry? Torak’izany koa dia manomboka amin’ny zavatra bitika, dia miteraka fisarahana, fifamonoana eo amin’ny samy mpirahalahy. Manoloana ireo fihetsika ireo ny Tompo dia manontany an’i Kaina hoe: aiza i Abela, rahalahinao? Ny valy nataon’i kaina dia hoe: tsy haiko. izaho angaha mpitahiry ny rahalahiko? Eny, ianao mihintsy no mitahiry ny rahalahinao... Fa i Kaina tsy nahafantatra an’i Abela mihintsy toy ny rahalahiny: izany tokoa no hoe rava ny maha mpirahalahy. Izay azo ambara tsotsotra hoe: za dia mahafantatra hoe aiza i ranona ary na i ranona àtsy, fanatrapa tsara, fa tsy fantattro hoe izay avy ireo tena rahalahiko. Izany tokoa ny firahalahiana, afaka lazaina toy izao: izaho dia mahalala, eny, lasa aiza i ranona teto sy i ranona tery, fa tsy fanatro akory hoe nankaiza ny tena rahalahiko, ny tena rahavaviko satria heveriko fa ireto farany dia sady tsy rahalahiko no tsy anabaviko”⁴.

Ry rahavavy malala, moa tsy misy itovizany amin’ny fiainan’ny ankohonatsika izany? Mety haverinareo indray hoe: toa “mihoam-pampana” izany. Angamba... kanefa...

Hanontany tena isika tsirairay ary avy eo hifampizarantsika amin’ny Ankohonana:

- Ahoana ny haha matotra antsika eo amintsika samy isika manoloana ny “fijerin’ny fo” izay mitarika antsika ho any amin’ny ho avy mba hifanatona amin’ny rahavavintsika izay eo akaikintsika?
- Ahoana no ahatsapantsika ny rahavavintsika tahaka ny “tena antsika tokoa”?
- Andriamanitra dia manontany antsika ankehitriny manao hoe: “aiza ny rahavavinao? Aiza ny anadahinao?”. Inona no havalintsika an’Andriamanitra: hoe “efa lehibe ve izy, efa mahalala izay tokkonay hataony, izaho angaha mpitahiry azy...?”, aiza hoi aiza ny toerantsika?

NY “FITIAVA”N’I KRISTY NO MANOSIKA

Farany, dia te hitarika anareo aho amin’ity fandinihina hafa momba ny fitiavana ity: ny fitiavana dia “ivo”, izy no manosika, izy no mampihetsika sy maniraka mandefa any amin’izay anirahana, any amin’ireo mahantra, ireo atazo anjorom-bala.

Ary koa ankehitriny, ilay lohahevity ny XII Chapitre Général, dia manome fahazavàna ho antsika: “Manome tanteraka ny tenantsika ho an’Andriamanitra, mba ho tena an’ny namana tanteraka” – Mpianatra – Iraka...

Fihetsika anankiroa izay “mifampiantso” ary, raha toa ka tsy mifandray ireo dia zary mahatonga ny fiaiantsika ho tsy mamokatra ary na dia ny “vocation”ntsika aza dia mety halazo. Niaraka nadinika isika tamin’ny lohahevitra roa miavaka tsara ny fitiavana: ny maha olombelona sy ny fikarakaràna ny hafa, ireo dia manentana antsika hitodika bebe kokoa amin’ny fifandraisana eo amintsika samy isika ao anatin’ny ankohonam-piainana sy amin’ireo olona izay ifaneraserantsika matetika. Ity hevitra fahatelo ity kosa indray kosa dia miompana indrindra amin’ny “fivoahana”, “tsy fitombonana”, izany hoe mitondra antsika

⁴ Papa Francesco, ibidem.

hivoaka eny amin'ireny olona izay atao ankilabao, eny amin'ireny azo lazaina hoe vatan'i Kristy izay minadry ny hofihinintsika, hokasihintsika, hampiantsika...

Mazava ho azy ny tiako hahayongavana dia ny dikan'ny **Voady fa ha Efatra**, izay tena tsara, kanefa dia matetika no hadinontsika; na koa halavirintsika manoloana ny "zavatra" izay "dinihintsika"... Ny Voady Fahaefatra dia mameleona ny vocation sy ny mission, izy no ilay atao hoe "tsipika mena", tena ilaina, izay manohana ny trano manontolon'ny vocation maha orionista antsika, maha PSMC antsika. Raha tsy eo io Fitiava-namana maha orionista io, dia very hasina ny loko; ny tsiro, ary ny dikan'ny maha mpaminany antsika.

Amin'ireo indrindra dia mazava ny tenin'i Don Orione izay tena hentitra tokoa: amin'ny fainana ny vocation sy ny fitiavana miredareda dia tsy tokony hisy "négociation", na koa izay tena tokony ho izy, raha tsy izany dia aleo miala. Izany no nosoratany ho an'ireo frera tamin'ny taona 1928: "*loza ho an'ireo matimaty! ... Loza ho an'ireo izay manaiky hitarinhin'ny fanaovana tsinontsinona ny hafa... Loza an'ireo rano maty...* Mialà, ireo mpamitaka, mialà! *Ahitsàno ny vovokanareo, ry zanako malala, ary ataovy izay hitiavanareo marina tokoa an'i Jesoa ka ny fanahinareo aza dia mba: ho an'ny finagonanana sy ny Fikambanana... Henoinareo anie, ry zanako, ireo andraikitra rehetra izay iantsorohanareo: indrindra ny hiainanareo ny Fitiavan'i Kristy izay iantsorohantsika sy manome valin-kasasarana ho antsika: Charitas Christi urget nos! Ny Fitiavan'i Kristy no manosika antsika! iza amintsika no tsy maheno an'izany: aoka izy hiala ny Fikambanana fa tsy natao ho anay izy!* Aoka ny masonareo hisokatra amin'ny fahazavàn'Andriamanitra sy ny vocation! Aoka ny masonareo hisokatra, ary hisokatra miaraka amin'ny fonareo, mba hahatsapa ny Fitiavan'i Jesoa, ny tena fiamboniana, ny tena soatoavina avy amin'ny fiantsoana ambony niantefa taminareo."⁵

Don Orione dia naniry mihintsy ny mba hiorenantsika mafy amin'ny afon'ny fitiava-namana, ary nanome antsika ny Voady faha- IV, amin'ny alalan'izany no andraisantsika andraikitra mavitrika sady mafy amin'ny fanompoana sy ny fitioriana ny Vaovao Mahafaly, amin'ny alalan'ny "fampianaran'ny fiangonanana kristianina sy ny asan'ny firtorianana ny famindram-po"⁶.

Amin'ny alalan'ny fahazavàna avy amin'io Voady faha IV io ihany, no ahafahantsika miaina ny andraikitra amin'ny maha Mpanokan-tena Orioniste antsika. Ny Voadin'ny Fitiava-namana dia mamaritra ny "style de vie" amin'ny lafiny rehetra; ny fainatsika rehetra dia miainga sy miorina avy amin'izao "ny fitiavana ihany no afaka hamony an'izao tontolo izao", ary ho antsika dia "lehibe ny fifamatorana misy eo amintsika amin'ny fanatanterahana samy irery sy miaraka ny fitiava-namana, ary manery antsika mba hanokana ny fainantsika" amin'io tanjona io.⁷

Noho izany, tsy tokony hisy toerana eo amin'ny fiaianantsika sy eo amin'ny ankohonantsika, manoloana ny firereràna apôstoli, ny fahakamoana izay mahatonga antsika "zara fa mandray anjara", manoloana ny fikombonanana amin'ireo oeuvre sy ny fahatahorana amin'ny vaovao sy ireo atao anjorom-bala.

Tsy azoko mihintsy hoe mbola misy any amin'ny ankohonana misy antsika any olona izay mihidy ao amin'ny chambre ao amin'ny ordinateur na koa matory fotsiny... izay mandany fotoana be dia be amin'ny fifosàna, amin'ny telefôna na "fifampiresahana chat" tsy misy farany, matetika anefa sady tsy ilaina no tsy

⁵ Don Orione, Scritti, 52, 148 ; da Roma, ai chierici di Ville Moffa, 27 giugno 1928.

⁶ PSMC, Costituzioni, art. 42

⁷ Cfr. PSMC, Costituzioni, art.45.

mampitombo velively... ny mahantra anefa manohy miandry “*ilay afo avy amin’ny fitiava-namana maha orionista antsika*”.

Tsy afaka mahazo mihintsy aho hoe mbola misy ankohonana izay mihidy ao amin’ny “*tranom-borony*”, amin’ny asabotsiny sy ny alahadiny izay tsy anaovana na inona na inona (satria reraka!!). Mbola misy ireo ankohonanana izay manohitra ny amndray andraikitra amin’ny fiovana tanteraka amin’ny lafiny apôstôlikan’ny oeuvre; mihidy amin’ny toerana misy azy, amin’ireo ankizy eny andlam-be, amin’ny tanora izay tsy mba manana izay halehany, amin’ireo mahantra sy ireo mpitsoamponenana... ankohonana izay minia tsy mahita ny tolo-kevitra momba ny hetsika atao amin’ny fitiava-namana orioniste, satria mbola mitâa ary miaina ireo “*forme*” taloha, izay mampalahelo satria “*orioniste kokoa*”!

Mety hisy hiteny angamba hoe: “mbola manampatra indray izany!”. Inoako eny... tena manampatra! Asa moa, angamba be tokoa...

Hanontany tena isika tsirairay ary avy eo hifampizarantsika amin’ny Ankohonana:

- Ahoana no mbola hahaveloman’ilaty afom-pitiava-namana orioniste ao amintsika, izay miredareda sy mahenika ny rehetra, izay créative sy mahatarika? (amin’ny fomba concrète?)
- Ahoana no mbola hahatsapantsika ilay antson’i Don Orione izay miantef amin’ireo frera? Ina no heniontsika ka manentana antsika hidio?
- Amin’ny fomba ahoana no ahafahana mihaino indray ny fijalian’ireo mahantra ka hihazakazahantsika mba “*hikasika nynofony*”, araka ny fanentanan’i Papa François?
- Hovakiantsika ny articles 42 hatramin’ny 46 ny Lalampanorenana, izay manambara manokana ny *Voady faha IV* sy mandinika an’ireo endriky ny fitiava-namana izay efa saika hadinontsika.
- Miainga amin’ny fahazavâna avy amin’ny fandinihana izay ataonareo miaraka amin’ny fanampianan’ny taratasy teo: inona no andraikitra samy irery sy miaraka amin’ity karemly ity? Vavaka manao ahoana, fiaianm-pirahalahiana toy inona, “*fifadiana*” toy inona no mety ho ankasitran’Andriamanitra amin’izao fotoana izao?

Ry rahavavy malala, tiako ny ny mamarana amin’ny alalan’ny tenin’ny Papa François, izay efa natsidiko teo ampiandohan’ity circulaire ity.

Eo anoloantsika ny fahafahana mba “hanomboka” indray fianana vaovao. Tsy tokony hionona fotsiny amin’ny fiaianana tsy mamokatra isika, izay tsy misy heviny sy tsy misy tanjona.

Izao fotoana izao no manampy antsika mba hitombo aram-pitiavana, amin’ny finamâna sy ny fifandraisana amin’ny maha mpivady ao amin’ny Tompo, mba hahatongavana amin’ny Paka, voadio amin’ny Ran’ny Zanak’Ondry, ampian’ny vavaka, ny fiombonana ampirahalahiana, amin’ny Sakramenta, fa indrindra ny fifamelâna eo amintsika samy isika: “*Jesoa no namana tsy mivadika izay tsy manary antsika mihintsy, satria, rehefa manota isika, dia miandry amim-paharetana ny fiverenantsika Izy, ary amin’ny alalan’ny io fiandrasany antsika io no tena hampiaharihary ny famindram-pony lehibe*”⁸.

Mihaona aminkafaliana tokoa isika sy amin’ny haravoana amin’ny fahaterahana izay ao amintsika!

⁸ Papa Francesco, ibidem.

I Masina Maria anie hitarika antsika sy hanohana amin'ny lalana, izy ilay Renin'i Kristy Nitsangan-ko Velona, hanampy antsika ho tonga any amin'ny lalan'ny tena "**fitiavana araka ny maha olona**", "**hikarakara**" sy "**ho iraka**".

Manoroka anareo amimpirahalahiana ao amin'ny Tompo aho, ary mirary, ihany koa amin'ny anaran'ireo conseillères, mba ho tena karemmy mamokatra sy Pakan'ny Fahamasinana.

Sr. M. Mabel Spagnuolo
Supérieure générale

Roma, Maison générale, 15 fevrier 2017.

i